# Mitadidy ny hasarobidintsika eo imason' Andriamanitra

Misafidiana iray na roa amin'ireto safidy manaraka ireto mba hanampy anao hahatakatra bebe kokoa sy hankasitraka ny hasarobidinao eo anatrehan' Andriamanitra.

## Safidy 1:

Halalino ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ary saintsaino ny fitiavany anao. Azonao atao ny mamaky ny sasany amin'ireto andininy manaraka ireto: Isaia 53:3–5; Lioka 22:41–44; Jaona 3:16–17; 1 Korintiana 6:11, 19–20; Almà 7:7, 10–13. Azonao atao koa ny mitady andininy hafa hohalalinina.

Raketo an-tsoratra ireo andinin-tsoratra masina mifandray tianao hotadidina. Azonao atao ny manoratra azy ireo ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:10–11, na manoratra izany ao amin'ny diary fandalinanao, na mampiasa ny application Médiathèque de l'Évangile mba hamoronana marika famantarana na rohy.

## Safidy 2:

Halalino ny zavatra nampianarin'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana momba ny hasarobidintsika eo anatrehan' Andriamanitra. Ampiasao ny Médiathèque de l'Évangile na loharano hafa hitadiavana teny nambara na lahateny mifandray amin'izany. Azonao atao ny mikaroka ireo teny toy ny hoe "sarobidy" na "fitiavan' Andriamanitra" mba hanampiana anao hahita loharanom-pitaovana. Ity teny manaraka nambaran'ny Rahavavy Joy D. Jones, filohan'ny Kilonga maneran-tany teo aloha ity dia ohatra iray amin'ny zavatra mety ho hitanao.



Aleo asongadiko ny ilana hanavahana teny roa saro-pady: *lanja* sy *fahamendrehana*. Tsy mitovy izy roa ireo. Ny *lanja* ara-panahy dia midika hoe manome lanja ny tenantsika amin'ny fomba fanomezan'ny Ray lanja antsika fa tsy amin'ny fomba fanomezan'izao tontolo izao lanja antsika. Ny lanjantsika dia voafaritra mialoha ny nahatongavantsika tety an-tany. "Tsy manam-petra ny fitiavan' Andriamanitra ary haharitra mandrakizay izany."

Etsy ankilany, ny *fahamendrehana* dia tratrarina amin'ny alalan'ny fankatoavana. Raha toa isika ka manota dia mihena ny fahamendrehantsika kanefa tsy ho tsy manan-danja na oviana na oviana isika! Manohy mibebaka sy milofo ny ho toa an'i Jesoa isika miaraka amin'ny lanjantsika tsy misy tomika. Nampianatra ny Filoha Brigham Young hoe: "Ny fanahy kely indrindra eto ambonin'ny tany . . . dia mitovy lanja amin'ny tontolo maro." Na inona na inona mitranga dia manan-danja mandrakariva isika eo imason'ny Raintsika any An-danitra. (Joy D. Jones, "Fananana lanja tsy hay refesina," *Liahona*, nôv. 2017, 14)

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_091-1